**FIKAMBANANA TAO LARIANO (Rôma-Italie)**

**ny 27 desambra 2016**



Teo ny masoandro …. Nambenan-dry maseran'i Lariano fatratra ny fahatongavan'ny fiara kely nitondra an-dry maseran'i Rôma sy ny filàn-kevitra jeneralin'ny Fikambanana : hankalaza miaraka ny tsingerin-taona faha- 40 n'ny Fikambanana izahay! Tsara ny hafalian'ny fihaonana fa mbola tsara kokoa , tao amin'ny Lasapely Lariano, fankalazana nataon'ny Sœurs du Christ 23 mahatsiaro ny tantarany, izay mbola mirotsaka ankehitriny noho ny voady tamin'ny andro voalohany ary mbola manankina ny fitokisany amin'ny fanahy izay hanavao ny zavadrehetra rahampitso. Nitohy tamina toerana hafa ny fety, ao amin'ny efitra fisakafoanana voaomana toy ny trano fisakafoanam-bahiny, tao anatin'ny maha mpirahavavy ka samy hankafy ny sakafo fanao fety aty Italia. Nifanenana ny fiteny sy kolon-tsaina isan-karazany italianina, malagasy, frantsay, espanola, mba hamondrona fehezam-boninkazo miloko ny fahasamihafanay, famantarana ny fiombonana niainan'ny fon'ny tsirairay. Dihy, hira, tantara nanehoana ny harenan'ny fahasamihafanay ary ny hafaliana no vona nampaha Sœurs en Christ bebe kokoa anay tamin'io andro io.



*Masera Mireille*

